LALAO-FILALAOVAN-NY-MALAGASY-FAHINY-VFTM

KILALAO MALAGASY
Fahiny

https://www.facebook.com/100044857952787/posts/3377493249030639/?rdid=fiLR7l8HhA9XL31n

Maro ireo milaza fa efa nilaozan'ny toetr'andro ireny kilalao fahiny ireny.
Matetika hono mantsy ny zaza amizao fotoana izao dia mijery fahitalavitra, milalao playstation, na xbox avokoa, na variana amin'ireny tablette numérique isan-karazany ireny.
Rehefa nanontaniana ary ireo ray aman-dreny malagasy dia tsikaritra fa mbola misy tokoa ireo zaza milalao eny an-tokotany, miara-milalao amin'ny hafa, ary indrindra indrindra dia manohy ny kilalao malagasy, izay tsy kilalao fahiny intsony fa tena efa kilalaon'ny ankizy malagasy mihitsy. Andao ary jerena ireo kilalao fahiny mbola be mpitia indrindra hatramizao:
1- Raosy Jamba
« Colin- Maillard » hoy ny vazaha,
Misy ankizy iray atao eo afovoany dia takonana amin'ny lamba (yeux bandés) ny masony. Ny ankizy ambiny rehetra manodidina azy, ataon'io « jamba » io izay hahatratrana ny hafa, raha mahatratra izy ka fantany hoe iza io dia afaka izy! Raha diso kosa dia miverina indray ny lalao mandrapaha… »
2- Tso- bato
« Maka vato klonjy miisa folo (10) dia atao boribory tsara tarehy be io (miaraka mikiky azy eny amin'ny vatolmaby be daholo aloha manao défi izay tsara indrindra).
Manao ara-1, ara-2, ka hatramin'ny ara-10.
Tsy atao latsaka mihitsy ny vato fa raha mandatsaka dia an'ny mpilalao manaraka indray sady « môro ».
Dia asiana « défi » kely hoe : dimy be vao mitoko, tsy ankanao ara-dimin-dehilahy , tsy ankanao ara-dimy gaboné, tsy akanala ota, dinodinokely dia mahamôry, sns …
3- Avy mangataka »
Mizara groupe roa (2) ny ankizy. Ny iray misy an'ireo mpagataka (ho vady), ny iray ireo hangatahina (ho vady).
Ny groupe 1 miezaka mafy hisintona ny groupe 2, moa ny groupe 2 mitazona mafy « mba tsy handeha hanambady » izay hangatahina.
Ny tanjona dia ny ahazahoana mpilalao betsaka any amin'ny groupe-ny.
Gr1: – Avy mangataka (izahay x3)
Gr2: – Iza re (no halainareo x3) ?
Gr1: – I… (tononina ny anaran'izay alaina), (no halainay x3)
Gr2: – Iza re no (haka azy x3)
Gr1: – I… (tononina ny anaran'izay haka) (no haka azyx3)
Gr2: – Amin'ny firy (ny fotoana x3) ? Gr1: – Amin'ny (manome ora) (ny fotoanax3).
Gr2: – Apetraho (re ny didinareo x3) Gr1: – Ny dididany (re efa mipetraka x3)
Gr1 + Gr2= Izay mahery voanjo manta, izay kanosa tanalahy ô! Isa, Roa, Telo (x5)
Asiana tsipika manasaraka ny groupe amin'ny tany, dia miomana daholo ny rehetra.
Mankeo anoloana ireo ankizy mifampitady (nantsoina anarana) ary mifanandrify (face à face) sy mifampitazona tànana.
Manaraka avy ao aoriana tsirairay ny sisa ( à la queue- leu- leu) dia mifampisintona.
Izay tafahoatran'ilay tsipika dia lasan'ny camp adverse
4- Soa- miditra
Mifanao face à face ny ankizy tsirairay avy dia mifampitehaka, ny ilany mitehaka ny eo ampitany, dia izay ery amin'ny voalohany ery miverina mankany ariana miaraka dia miditra ao ambanin'ilay « tetezana » ataon'ny ankizy sady arahina hira

Soa miditra ! (x2)
e e e e mandrosoa
Soa miditra e (x2)
e e e e mandrosoa
Midira mankao e!
Midira namako o!

5- Kasikasy kapoaka

Kilalao fahiny rehefa diavolana iny ny andro ny kasikasy kapoaka. Tsy nisy tsy nilalao azy raha mbola zaza malagasy koa! Mandeha mihaza kapoaka aloha ny rehetra na mangalatra ny kapoakambary ao an-dakozia (tsy atao hitan'i Neny fa bedy). Rehefa hita izay dia mitady izay atao boka! Matetika dia ny zandriny foana no atao boka satria ny zoky efa fetsifetsy. Na koa afaka manisa « 27 dia boka » dia izay tratra farany no boka!

Kilalao ankiafina izy ity saingy asiana mpiambina kapoaka fotsiny. Io mpiambina kapoaka io no boka ary io no mandeha mitady ny rehetra. Rehefa mahita mpiafina izy dia miverina mandona ny kapoaka sady miteny ny anaran'ilay hitany sy ny toerana. Raha misy kosa anefa mpiafina tsy hitany fa naharesy azy ka mandaka kapoaka dia maty ny kapoaka ary mijanona ho ilay boka hatrany no boka mitady eo!

6- Tantara Vato

Kilalaon'ny ankizy vavy ny tantara vato. Miara mitady vato tsara tarehy daholo aloha dia avy eo iny kikisana amin'ny vato lehibe mba ho boribory tsara tarehy.

Avy eo dia ampiresahana ny vato, asiana dada sy neny ary zanaka.

Maka lakré dia soratana ny arabe atao tranon-dry zareo!

Tsara ery… Izay tsy te hitantara dia mihaino…

7- Tsikoninkonina

Kilalaon'ny ankizy vavy ihany. Misy ireo hividianana fatana kely, vilia sy sotro ary vilany kely dia tena omena sakafo kely mihitsy manao tsikonona.

Ao koa ireo mampiasa izay misy araka ny 'imagination sy création-ny' ka maka ravin-kazo, sy izay hita rehetra eny atao solon'ny sakafo sy lovia ary fatana kely.

Fonona bonbon no atao vola, ravin'akondro ny vilia, vato kely ny hena, vovoka sy rano ny gâteau, fasika no vary sns sns.

8- Vitsily

« Asiana tsipika amin'ny tany dia misy manakana misy sakanana ».

Ataon'ilay iray izay hihampitana any ain'ny ilany sady tsy voakasika ilay mpanakana.

9- Katro

Jereo ato ny rohy manazava : jeu de katro

10- Fanorona

Jereo ato ny rohy manazava: jeu de fanorona

11- Sabaka

Marelle no anarany amin'ny teny vahiny. Ho antsika malagasy dia avy aty an- tany no mankany an-danitra . Manipy vato fisaka na hazo kely dia sabakaina ilay isa misy ny vatokely.
sabaka

12- Mampiady ravina

Maka ravin- kazo be dia be avy daholo, izay tsy manana ny ravinkazo hitan'ny iray no resy.

13- Zé d'elastik (Jeu d'élastique) sy dihim-bazaha (corde)

Ny ankizivavy no tena manao azy fa indraindray dia mampiditra ankizilahy ihany koa ry zareo.

Ankizy telo no milalao, ny roa mitazona ny élastique, ny 1 manao « figure ».

Manomboka eo amin'ny cheville aloha dia avy eo miakatra eo amin'ny ranjo, dia avy eo lohalika, dia farany fe na maoja.

Raha mandiso ianao dia lasa mitazona elastique indray.

jeu-elastique [LASITIKA]

Ny dihim-bazaha kosa dia misaoty izay ela indrindra vita, maharesy izay « record »

14- Jeu de kapsily na zoêra

Manangona kapsily dia maka vatokely.
Izay mandona ilay vatokely no maharesy.
Ny « zoêra » indray dia ireny carreaux vaky ireny no atao boribory tsara tarehy, dia hanaovana jouer de foot.
Samy manao ny « décoration » tiany daholo ny ankizy avy eo dia mampiady baolina.
Boite-na sardine no atao « but ».
15- Mampiady tandrimo
16- Mère veux- tu?
Any Frantsa dia « grand-mère veux-tu? » no anarany, any Canada kosa dia « Maman puis-je? »
Mila zaza roa farafahakeliny, tsara raha mihoatra ny 4
Manakaiky rindrina .
Tanjona: Izay tonga voalohany eny amin'ny rindrina no maharesy.
Mijanona eo anoloanan'ny rindrina ilay ankizy manao « mère », ny rehetra kosa mihataka alavitra azy (20 pas ohatra).
Manontany ny ankizy:
– « Mère veux-tu? »
Mamaly i « mère »:
– Oui, mon enfant.
Dia manohy ny ankizy:
– Combien de pas?
Mailaka i « mère » mamaly :
– Un pas de géant (3 grand pas), na « un pas de fourmi (2 petist pas) na un pas de serpent (mandady).
Dia manaraka izay lazain'ny « mère » ny ankizy, izay tonga voalohany no manolo an'i « mère ».
17- Polisy sa Vôlera?
Kilalao mifanenjika ito. Mila zaza 10 eo ho eo na isa mitovy.
Zaraina ekipa roa, ny iray polisy, ny iray volera Tanjona: Mampiditra am-ponja ny volera
– Manisa 15 ny polisy dia lasa miparitaka ny volera.
– Rehefa vita izay dia manenjika ny volera ny polisy,
– Tapitra ny lalao rehefa any am-ponja daholo ny mpangalatra
18- Nankaiza i Margerity?
19- Mandihiza rahitsikitsika
Mampandihy soroka izy ity, mankeo afovoany ny iray dia manao izay dihy mahafaly ny fony.
Ny sisa kosa mitehaka sy mihira manodidina azy.
Mifamadibadika ny ankizy dia izay be mpitehaka no maharesy.
20- Jeux de mîme
– Tsaratsara ianao ry mpanjaka, Hifanateran'ny ambanilanitra,
– Avy taiza?
– Avy tany an-tokotany (ohatra )
– Nanao inona?
– Dia manao mîme eo izy dia ianao maminavina izay ataony .
Izay betsaka point no maharesy .
Matetika dia kilalao maro no indray ataon'ny ankizy mifampitohy ny indray hariva. Ny ankizy iray tanàna no indray miara milalao ary mikotaba fatratra ery mandrapiantson'i neny andeha hisakafo. Rehefa tonga izay dia malahelo ery ny ankizy hifandao ary maika indray ny ampitson'iny hifanena. Raha vao misy miady dia mandeha bondogerina maka sisiny ery ambony tamboho mijery sady mitsiriritra ny ambiny mitotorebika sy finaritra ery. Vetivety eo ihany dia te hiverina hilalao ka mifampiantso indray. Tiako ery anie izany fahazazana!
©kilonga.com
Sary Nindramina

.1- KATRO
.2- FANORONA
.3- MAMPIADY RAVINA
.4- TANTARA
.5- VITSILY
.6- SABAKA
.7- ZAY TS  MIKIPY TSY AMEKO
.8- RAHOSIJAMBA
.9- KASOKASOKAPOAKA
10- POLISY VOLEUR
11- FANENJIKA, ZAY TRATRA DE BOKA
12- TOMOBIL KAPOAKA
13- MILALAO PAPANGO
14- MANAO TSIKONINA
15- AVY MANGATA IZAHAY O IZAHY O....
16- MILALAO BOLINA VITA @ SACHE
17- MANOSIKA PNEU @ KAKAZO
18- MILALAO KANETY
19- ARADIMY
20- TANDRIMO
21- COMANDO BANDY SY ROLINA
22- LASITIKA